



n° 59

# Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara

Mivoaka isaky ny telo volana

Septambra 2023

## FIAROVANA NY SAHAN-DRIAKA

### Inona no antony tokony hiarovana ny sahan-driaka ? (P.3)



**Itasy**

**Dobo barazy itantanana  
ny rano ao amin'ny  
sahan-driaka (P.6)**

**Matsiatra Ambony**

**Mamboly hazo hitazonana  
ny loharano (P.4)**

© Rémi Portier - RNA





## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Niresaka ny fiovaovan'ny toetr'andro izahay tao amin'ny laharana faha-58, ary tato anatin'ny taona maro dia niarahantsika nahatsapa ny fiantraikan'izany fiovaovana izany teo amin'ny famokarana trondro eto Madagasikara : fahataran'ny orana, tondra-drano, fanotofan'ny antsanga ny tanimbary, izay samy olana lehibe sy miverimberina mitambesatra amin'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro. Hoy anefa ilay manam-pahaizana nohadihadiana tao amin'ny laharana teo aloha : « Azontsika atao ny mampihena ny fiantraikany » ary nanolotra karazana asa, atao'olon-tokana na iombonana, vitsivitsy hiatrehana ny fiovaovan'ny toetr'andro izahay. Ao anatin'ity laharana vaovao ity izahay dia mbola hanolotra asa hafa miompana amin'ny fiarovana ny sahan-driaka izay ahitana tanimbary sy dobo.

Navoitran'ny fiaraha-mikaroka tamin'ny mpiompy trondro sy ny mpiara-miombon'antoka fa ny fiarovana ny sahan-driaka dia singa iray lehibe ahafahana mametra ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro sy mitahiry bebe kokoa ny loharano, mipaka amin'ny tanimboly sy ny tanimbary izany.

Hahazoana tsara io fomba fiarovana io dia nanadihady manam-pahaizana momba izany izahay mba hanazavany amin'ny ambangovangony ny asa azon'ny tsirairay atao, araka ny sehatra misy azy. Nanatona mpiompy trondro tany amin'ny faritra 6 izahay taorian'izay mba hitondrany ny fomba amaritany ny laharam-pahamehana entin'izy ireo miaro ny sahan-driaka, ny teknika ampihariny, ny vokatra azony, ny fitaovana na ny fahalalana ahafahan'izy ireo miroso amin'izany. Farany, nahaliana anay ny fahafahan'ny dobo barazy manatsarana ny fintatanana ny loharano sy mampihena ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro.

Ny famakiana ireo lahatsoratra isan-karazany ireo dia antenainay hahazoanareo hevitra tsara sy hampitombo ny hery entinareo miatrika ireo fiovaovana ireo, hanatsarana bebe kokoa hatrany ny fiompiana trondro.

Mamakia finaritra !

Ny ekipan'ny FMT

## VAOVAO TAPATAPANY

### Hifarana tsy ho ela ny Composante A eo anivon'ny tetikasa PADM

Ho tapitra amin'ny faran'ny taona 2023 ny Composante A eo anivon'ny Tetikasa PADM (Projet d'Aquaculture Durable à Madagascar), novatsian'ny Ministère du Développement et de la Coopération Allemande vola, notontosain'ny GIZ sy ny APDRA, rehefa niasa nandritra ny enin-taona mahery. Faritra 4 eto Afovoan-tany no nanatanterahana izany - Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony, Itasy sy Vakinkankaratra - ary tanjony ny hanatsarana ny fidiram-bolan'ny fianakaviana mpamokatra sy ny fihinanany trondro amin'ny alàlan'ny fampivoarana ny fiompiana trondro an-tanimbary sy ny fanatsarana ireo fepetra fampandrosoana izany. Niara-niasa tamin'ny vondron'ny mpamokatra FIFATA, ny ivotoeram-pikarohana iraisam-pirenena Cirad, ny Fitaleavamparity ny Ministeran'ny Jono sy ny Toekarena Manga, ny fikambanana Cœur de Forêt sy ireo mpisehatra rehetra eo amin'ny rojom-pihariana trondro avy amin'ny fiompiana ny ekipan'ny APDRA tamin'izany. Nanampy ny APDRA hahalala bebe kokoa ireo zava-manahirana ny mpiompy trondro, hanome lanja ireo zava-baovao ara-mpiompiana hitan'ny mpiompy, ary indrindra hiara-miasa

amin'ireo mpamokatra madinika izay mitombo isa hatrany ho an'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro an-tanimbary, ny fanatanterahana io composante io. Mpiompy trondro miisa 6600 no mamokatra zana-trondro karpa manodidina ny 3,6 tapitrisa sy trondro 126 taonina isan-taona tao anatin'ny 6 taona. Homen-danja eo anivon'ireo tetikasampampandrosoana vaovao eo amin'ny fiompiana trondro tantanan'ny tantsaha eto Madagasikara any amin'ireo faritra ireo, na ny faritra hafa, ny vokatra sy ny fahaiza-manao azo tamin'ny fanatontosana io composante io !



Fampiofanana ifotony mikasika ny fisafidianana raïaman-drenitrondro tao amin'ny fari-piasana Antoby, kaominina ambanivohitra Ambatamarina, Amoron'i Mania

## LOHAHEVITRA : Fiarovana ny sahan-driaka

### Inona no antony tokony hiarovana ny sahan-driaka ?

Andriamatoa Rakotondramanana, manam-pahaizana zokiny momba ny fambolena sy fiompiana maharitra ary ny tontolo iainana, no Tale Mpanatanteraka ao amin'ny GSDM Professionnels de l'Agroécologie hatramin'ny taona 2004. Nanaiky ny hamaly ireo fanontaniana mikasika ny lanjan'ny fiarovana ny sahan-driaka eo amin'ny fiompiana trondro izy.

**FMT : Inona no antony tokony hiarovantsika ny sahan-driaka ?**

**Rakotondramanana :** Ny sahan-driaka dia faritra mifandraika amin'ny toerana fiangonan'ny rano avy amin'ny lalan-drano iray. Mety ho be velarana izany, iray ka hatramin'ny zato kilometatra. Toerana iray no ifantohana raha vao miresaka fiarovana sahan-driaka : sahan-driaka kely araka izany. Ny tanimboly misy rano sy ny tanety eo amboniny (mety amin'ny fiompiana trondro an-tanimbary na tsia) no mandrafitra azy.



Andriamatoa Rakotondramanana

Manoloana izao hafainganana'ny fitombon'ny mponina sy ny firongatry ny fandripahana ala, ny doro tanety, ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany sy ny fiovaovan'ny toetr'andro izao dia tsapa ny faharitan'ny harena voajanahary, indrindra ny faharitan'ny loharano. Tsy ampy intsony ny rano ilain'ny tanimbary sy ny barazy. Ankoatra izay, mampihanjahanja ny nofon-tany ny fomba fambolena tsy ampiasana zavamaniry mandrakotra na fefy. Ireo fepetra ireo no vao mainka mahatonga ny nofon-tany ho lany tsiro sy ny fikaohan'ny riaka, indrindra amin'ny fanombohan'ny orana ary amin'ny ankapobeny, dia ny akora organika ao amin'ny nofon-tany no enti-driaka voalohany, mahatonga azy ho tena lany tsiro. Hita eto afovoan-tany sy any amin'ny faritra anindran-tany ihany koa izany. Zava-dehibe ny fanatsarana ny fomba fambolena hampihenana ireo fiantraikany ireo, hisian'ny rano mitsika amelomana ny tahirindrano sy hamerenana ny nofon-tany ho lonaka. Tsy maintsy atao izany ho fampandrosoana ny fiompiana trondro.

**FMT : Inona avy ireo fomba fambolena tsara azo ampiharina hiarovana ny sahan-driaka ?**

**Rakotondramanana :** Maro ny fomba azo atao hamerana ny rano tsy hikoriana fotsiny sy ny fikaohan'ny riaka, toy ny fanajariana manaraka tsipi-mira haabo na tatatra ahafahan'ny rano mitsika. Tsy maintsy atao hatrany ihany koa ny manisy rakotra zava-maniry, indrindra amin'ny fahatongavan'ny orana. Azo atao ihany koa ny mamerina ny nofon-tany ho lonaka, amin'ny alàlan'ny fampiarahana karazan-javamaniry mety

amin'izany. Ohatra, ahafahana manao izany ny fampiarahana ny takilobazaha (*mucuna*) amin'ny katsaka, ampifandimbiasina amin'ny vary an-tanety, sy amin'ny amberovatry (*cajanus*). Ny tahon-katsaka miaraka amin'ny tahon'amberovatry dia afaka mandrakotra ny tany mandritra ny maintany manontolo, hiatrika ny fiandohan'ny orana mivatratra. Akoatr'izay, ny amberovatry dia hafa kely satria manana faka matanjaka maka ny rano any ambany lavitra any. Tokony hifantohana ihany koa ny fitantanana ny akora organika. Mihareraka ny nofon-tany satria ny akora organika no voafaoka mialoha rehefa mivatratra be ny orana. Mahasarotra ny fahazoana zezipahitra ny fihenàn'ny andiam-biby fiompy malagasy. Tokony hatao noho izany izay hamokarana akora organika tsara kalitao (kaompositra, kaompositra avy amin'ny kankana, sns.)

**FMT : Inona no ataon'ny GSDM manoloana izany ?**

**Rakotondramanana :** Ny GSDM, Professionnels de l'Agroécologie, dia fikambanana ahitana karazana vondrona miasa amin'ny fomba famokarana miaro ny tontolo iainana. Iraka ifotorany ny fampandrosoana izany fomba izany : eo anivon'ny tantsaha, ny politika iombonana sy ireo tambazotra fampandrosoana.

Misy amin'ireo tantsaha no mahavita miaro ny sahan-driaka misy any aminy, azo atao izany ! Saingy lava ny fotoana anatanterahana azy. Fantatry ny tantsaha fa tokony hohatsarina ny fomba fambolena, tsy hainy anefa ny atao raha ny enti-manana no jerena. Ny fampiofanana sy ny fanentanana faobe no tena ilaina hanapariahana ireo fomba famokarana vaovao. Ilaina adisisika eo an-toerana sy eo anivon'ny firenena izany. Nahitam-bokany ny fampiofanana ny ankizy tany an-tsekoly, izy ireo avy eo no nampiofana ny ray aman-dreniny. Lavitr'ezaka ny asa, izay notohanana'ny GSDM.

**FMT : Inona no hafatrao ho an'ny tantsaha ?**

**Rakotondramanana :** Tokony hialana ireo fomba fiasana ny nofon-tany fanao ankehitriny. Tokony hidirana ny fomba famokarana miaro ny tontolo iainana ary arovana araka izay tratra ny sahan-driaka. Iankinan'ny hoavin'ny tantsaha malagasy izany !



Tsipi-mira haabo nohajariana tsara



## LOHAHEVITRA : Fiarovana ny sahan-driaka

Itasy

### Fiheverana ireo zava-manahirana ny mpiompy trondro amin'ny fiarovana ny sahan-driaka

*Mba hahazoana drafi-panajariana sahan-driaka mifototra amin'ny zava-manahirana ny mpiompy trondro dia mikarakara fihaonana amin'izy ireo sy manatanteraka fitsidihana sahan-driaka ny ekipan'ny tetikasa ALEFA Agroécologie. Tahaka izany no natao tao an-tanàn'i Miantsoarivo, fokontany Antoby Est, kaominina Antoby Est.*

Namory ny mpiompy trondro aloha ny ekipan'ny tetikasa hamaritana ny zava-misy sy manahirana azy ireo eny ifotony, voakasik'izany ny tanàn'i Miantsoarivo sy ireo tompon'ny tanety monina ao Andriakely, tanàna mpifanolo-bodirindrina aminy. Nanazava ireo mpamokatra fa ny fihotsahan'ny tanety no olana fototra tokony hovahana. Io tranga io no mahatonga ny ankamaroan'ny tanimbary azo iompiana sy ambolena ary ireo farihy voajanahary ho tototry ny antsanga. Nisy taorian'izay



Fitsidihana sahan-driaka iray tao amin'ny kaominina Antoby Est

ny fitsidihana ifotony hiara-mitady amin'ireo tantsaha voakasika ny vahaolana hotanterahina. Ny antontam-pahalalana azo tamin'ireo fihaonana ireo no nananganana ny drafi-panajariana : nanapa-kevitra ny hamboly hazo eny amin'ny tanety sy hanajary araka ny tsipi-mira haabo ireo mpiompy trondro sy tompon'ny tanety. Nanaiky ny hiaraka hikojakoja ny lakan-drano sy hanamafy ny tahalaky ny tanimbary ihany koa izy ireo. Nisy ny asa efa notanterahina, toy ny fambolena hazo miisa 1 000, ny fanajariana araka ny tsipi-mira haabo, ny fambolena takilobazaha sy amberovatry hiarovana ny nofon-tany amin'ny fikaohan'ny riaka. Natomboka taorian'izay ny fisavana ny lakan-drano hialàna amin'ny fahatondrahan'ny tanimbary. Manantena ireo mpamokatra 30 voakasik'io sahan-driaka io fa hihena ny fihotsahan'ny tanety raha mitohy ny fampiharana ireo vahaolana niaraha-namaritra. Amin'ny taom-pamokarana manaraka dia maminavina izy ireo ny hamboly hazo miisa 6 000, hanitatra ny velaran-tany hoajariana sy horakofana zavamaniry miaro ny nofon-tany ary hametraka paikady fiarovana ny hazo voavoly amin'ny halatra, doron-tanety sy hetraketraka mety hitranga.

### Matsiatra Ambony

### Mamboly hazo hitazonana ny loharano

*Rasolomampandra François, na « Ramasy », monina ao Malalia-Sakaviro, kaominina Iarintsena, distrikan'Ambalavao, mpiompy trondro sady mpamokatra zana-kazo, no mitantara ny asa ataony.*

« Tamin'ny taona 1990 aho no nanomboka niompy tilapia ary notohizako tamin'ny karpa ny taona 2000. Tapa-kevitra hamokatra ny zana-kazoko manokana aho tamin'ny 1999 rehefa nahita fa nihasola sy nihangazana ny tehezam-bohitra. Tetikasa fampandrosoana iray no nanampy ahy tamin'ny famokarana zana-kazo. Natomboka teo amin'ny sahan-driaka eo ambonin'ny tanimbariko ny fambolena : kininina hanaovana fanaka sy trano, voandelaka hiadiana amin'ny bibikely mpanimba voly, hazo fihinam-boa hohanina sy akasia handonahana ny nofon-tany. Tamin'ny 2001 aho no nanitatra ny famokarana zana-kazo ka nahafahako nizara maimaimpoana tamin'ny sekoly fanabeazana fototra sy ny miaramila. Niari-niasa tamin'ny Sampan-draharaham-paritry ny Tontolo iainana sy ny Fampandrosoana Lovain-jafy ihany koa aho. Farany, tamin'ny 2003 no nivarotako zana-kazo voalohany tato amin'ny kaominina onenanay sy tany amin'ny kaominina hafa.

Azoko ambara fa manana rano mihoatra noho ny any amin'ny tanàna hafa ny mpiompy trondro eto aminay. Izaho izao dia afaka manatavy hatramin'ny novambra na desambra. Izany no antony nitarihako ny mpiara-monina hiaro ny tontolo iainana ihany koa. Olobe iray teto an-tanàna tamin'ny 2017 araka izany no nanangana ny fikambanana Sakaviro Miray Tsy mialonjafy, ahitana mpikambana 275 ka mpanatavy trondro

ny 24 amin'ireo. Mamokatra zana-kazo 40 000 isan-taona aho : amin'ny maha-filohan'ny fikambanana ahy dia omeko ny mpikambana ny 10 000, amidy amin'ny fokontany hafa ny 5 500 ary ny ambiny kosa amidy amin'ny kaominina hafa, iaraha-miasa amin'ny Fitaleavam-paritry ny Tontolo iainana sy ny Fampandrosoana Lovain-jafy. Voafidy hanokafana ara-pomba ofisialy ny fotoam-pambolen-kazo tato amin'ny faritra Matsiatra Ambony ny tanànanay tamin'ny 2021. Velaran-tany mirefy 30 ha no voavoly hazo. Ny fikambanana no mikojakoja ny hazo voavoly sy manolo izay maty. Manantena ny hahazo rano bebe kokoa izahay amin'ny hoavy. »



Hazo voavoly teo amin'ny tanetin-dRamasy

## LOHAHEVITRA : Fiarovana ny sahan-driaka

### Vakinankaratra

### Mampiakatra ny vokatra avy amin'ny fanajariana ny sahan-driaka

*Ramanandraibe Jean Pascal, 38 taona, monina ao Korosovola, kaominina Soavina, distrikan'i Mandoto, no miresaka ny vokatra azony tamin'ny fanajariana ny tanimbariny, antsoina hoe « Antsaha Tsara ».*

« Tiako lazaina aminareo ny tantaran'ity sahan-driaka kely izay novidiako tamin'ny taona 2007 ity. Lonaka tamin'izany ny tany ary betsaka ny rano tao an-tanimbary. Nahazoako vary akotry madio 60 gony milanja 60 kg isany sy trondro maina manodidina ny 60 kg ny tanimbary inefatra miantoana mirefy 20 ara. Tamin'ny taona 2013, vokatry ny fandripahana ala teny ambonin'ny sahan-driaka sy ny tanetiko izay tsy voajary dia nikoriana fotsiny ny ranon'orana fa tsy nitsika ary ritra ny loharano an-tanimbary. Nanomboka teo izahay no voatery namboly vary an-tanety ka tsy nahazo afa-tsy 7 gony nandritra ny dimy taona nisesy.

Rehefa tonga ny tetikasa MANITATRA II tamin'ny 2018, nanentana ny teknisianina sady nanome fiofanana mikasika ireo fomba famokarana miaro ny tontolo iainana. Naharesy lahatra ahy avy hatrany ireo fanazavana ireo. Tamin'ny taona 2019, nanomboka nanajary kipahy 13 miantoana teny an-tanety mirefy 50 ara eo ho eo aho, nataoko tanimbary, nasiako tatatra familial-drano teny ambony sy lakan-drano hafa manaraka tsipi-mira haabo. Nivarotra kisoa iray mihitsy aho nanatanterahana izany ary nanantena fa tsy ho very maina

ny fampiasam-bolako. Herintaona sy tapany taty aoriana, nanomboka niverina ny loharano namelona ny tanimbariko, niverina namboly vary an-drano indray aho ka nahavokatra vary 15 gony amin'ny 60 kg isany. Tamin'ity taona 2023 ity dia nofefeko zava-maniry ny moron'ny tanimbary ary nampidirako zana-karpa miisa 130 sy marakely vitsivitsy tao anatin'ny. Fahombiana hatrany no azo : niakatra ho 17 gony ny vokatra, ary mino aho fa hihatsara hatrany izany satria efa nasiako zezika organika tao an-tanimbary ! »



Sahan-driaka kely voajary tsara

### Amoron'i Mania

### Manao asam-bondrona hiatrehana ny fiovaovan'ny toetr'andro

*Razafimahafaly, atao hoe « Ralaiza », no filohan'ny fikambanana Fi.Ta.Mi.Fa. (Fikambanan'ny Tantsaha Miady amin'ny Fahantrana) ao Anivorano, kaominina Sandrandahy, distrikan'i Fandriana. Tantarainy amintsika ny asa nataon'ny mpikambana hiadiana amin'ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro.*

« 12 taona ny fikambanana Fi.Ta.Mi.Fa. izay tarihiko ary manana mpikambana 14. Nanomboka nahazo tohana ara-teknika tamin'ny APDRA momban'ny fiompiana trondro izahay tamin'ny taona 2016. Ny faharitan'ny loharano sy ny fikaohan'ny riaka ny tanety no olana fototra aminay. Namboly akondro izahay satria izany no heverinay hamelona indray ny loharano [fanamarihan'ny ekipan'ny fanoratana : tsy voaporofa ara-tsiantifika izany]. Tamin'ny martsa 2023, nanoro anay ny teknika voamarina amin'ny fanajariana tanety sy ny fambolena ahafahana miaro ny nofon-tany sy ny tanimbary misy rano sy mamelona loharano ny fikambanana Cœur de Forêt.

Zatra manao asam-bondrona izahay satria tsy manambola hampianaovana saraka an-tsaha : mifandimby miasa isan'andro any amin'ny mpikambana tsirairay izahay rehetra. Hampalaky ny asa dia mizara zana-bondrona 4 izahay. Ahazoana tombony izany satria samy mitondra ny anjara variny antoandro ny mpiasa tsirairay fa ny tompon'ny tany kosa no miantoka ny laoka. Natomboka tany amiko tamin'ny fanaovana tohatohatra misy tsipi-mira haabo ny asam-bondrona ka tanimboly miisa 6 no voajary hatreto. Namboly mangahazo, izay mifanaraka amin'ity fotoanan'ny ririnina ity aho taorian'izay. Amin'ny fiavian'ny orana manaraka dia hametraka fefy velona ny vondrona misy anay, *brachiaria* ohatra, ary hanao fambolena hafa koa aho.

Namorona tanin-janan-kazo iombonana koa izahay ka iaraha-manao ny asa. Any amin'ny toerana voafidin'ny mpikambana no hambolena ny zana-kazo mba ho fakan-tahaka ho an'ny tantsaha hafa. Vinavinaina ny hamokatra mandavantaona hoenti-mandrakotra ny tanetinay. Hovolena hazo ny sahan-driaka tsirairay mba hanan-danja bebe kokoa ny fiantraikany. Hanao tsipaipaika izahay ary hanohy ny fikarakarana savika izay efa fanaonay hampitombo vola hividiana masomboly sy hikojakojana ny tanin-janan-kazo. »



Ny mpikambana nandritra ny asam-bondrona iray



# LOHAHEVITRA : Fiarovana ny sahan-driaka

Atsinanana

## Fifanakalozana ara-teknika : ny fiompiana trondro hatrany amin'ny fiarovana ny sahan-driaka

Ranaivoarisoa Jean Paul, na i « Dadan'i Benja », no niresaka taminay teo amoron'ny dobo iray natao hifanakalozan'ny mpikambana ao amin'ny vondron'ny mpiompy trondro izay tarihiny ao Tsarasambo.

« Nosafidian'ny mpikambana 8 ao anatin'ny fikambanana misy anay ny taniko mba hananganana dobo izay hifanakalozan'ny mpiompy trondro fahaiza-manao. Eto no ianaranay ny fanajariana dobo sy asa famokarana zana-trondro sy raiaman-drenintrondro rehetra. Eto koa no itahirizan'ny mpikambana izay manana olana ara-drano trondro. Amin'ny fotoanan'ny orana anefa dia tototry ny fasika ny ampahany amin'ny dobo vokatry ny rano riaka. Trafran'izany ihany koa ny dobon'ny mpiompy trondro hafa, ankoatra ny olan'ny tsy fahampian-drano sy ny tondra-drano.

« Tantsaha mpitarika » eo anivon'ny tetikasa ALEFA Agroécologie i Emile, mpikambana ao aminay, ka nanazava ny mahazava-dehibe ny fanajariana tanety hiadiana amin'io tranga io. Mpikambana 4 miaraka amiko no nanao fampiharana avy hatrany teny amin'ny tanety manodidina ny dobo baraziny sy ny dobo fanaovana fifanakalozana fahaiza-manao. Fanajariana manaraka tsipi-mira haabo, fametrahana fefy velona sy voly rakotra hiarovana ny sahan-driaka amin'ny rano riaka no nataonay. Mameny ny voly fihinana ataonay izany. Nisy mpiompy trondro hafa izay

liana tamin'ireo teknika ireo ka nampihatra izany tany aminy. Nahaliana mpamokatra hafa, tsy mpiompy trondro, ireo fanajariana rehetra ireo, ka niteraka fifanakalozana mikasika lohahevitra ankoatra ny fiompiana trondro teo amin'ny vondrona. Nisy tamin'ireo mpiray vohitrindrina aminay no tonga taty ary nangataka ny hitsidihana ny toeram-pamokaran'izy ireo mba hahazoana tohana ara-teknika amin'ny fanajariana dobo sy tanety. Toeram-pamokaran'olona am-polony maniry ny hanajary no efa voatsidikay. »



Dadan'i Benja eo afovoan'ny toeram-pamokaran'ny efa voajary

Itasy

## Dobo barazy itantanana ny rano ao amin'ny sahan-driaka

Hatramin'ny 2018 no niforonan'ny FMTA (Fikambanana Mpiompy Trondro ao Ambatomirahavavy), ao amin'ny kaominina Ambatomirahavavy, distrikan'Arivonimamo, Faritra Itasy. Tamin'ny taona 2019 no nanomboka nanarina dobo barazy iray ny mpikambana ao aminy.

**FMT : Inona no antony nampiasanareo dobo barazy ?**

**FMTA :** Maro ny mpikambana tsy afaka niompy trondro satria tsy nanaovana izany ny tanimbariny na natahotra halatra, nitsiry àry ny hevitra hangatahanay amin'ny kaominina ny dobo barazy izay efa tsy niasa, hahazoan'ny rehetra mamokatra trondro. Tombony azo amin'io dobo mirefy 37 ara io ny fahafahana mitàna rano sy miompy trondro (karpa sy tilapia) mandavantaona. Nareninay sy nohatsarinay tamin'ny alàlan'ny fametrahana *moine* sy bizo ny fotodrafitrasa fanarian-drano.

**FMT : Inona no tanjona tamin'io fanajariana io ?**

**FMTA :** Hamokarana trondro no nanarenana io barazy io tany am-piandohana kanefa nahazoana tombontsoa hafa izany taty aoriana. Manana tany 1 ha, izay tsy voavoly, manodidina ny dobo mantsy ny fikambanana. Ankehitriny dia afaka mamokatra vary ety ambany sy legioma eny ambony ny mpikambana. Olona maro ihany koa no mampiasa ny rano voatahiry satria tsy misy toerana ahazoan-drano eo amin'ny manodidina : mampisotro rano ny ombiny ny mpiompy ary mampiasa ny rano ihany koa ny mpitrandraka vato eo amin'ny manodidina.

**FMT : Manao ahoana ny fandaminan'asanareo ?**

**FMTA :** Hatreto aloha dia namidy ho tombontsoan'ny fikambanana ny vokatra niakatra : ny voalohany nentina nanorina ny tranon'ny mpiambina ny toerana (izay mpikambana ihany) ary ny faharoa nananganana ny fotodrafitrasa fandritana. Ny vola azo avy amin'ny vokatra fahatelo dia hividianana raiaman-drenintrondro ho an'ny mpikambana rehetra. Vinavinainay ny hampiasa ny rano amin'ny famokarana zana-trondro ho an'ny mpikambana. Ny resaka tanimbary indray dia afaka manajary vala iray hiompiana trondro an-tanimbary na hambolena legioma ny mpikambana tsirairay. Mifanaraka amin'ny fikambanana izy ka mampiasa izany mandritra ny 3 taona. Ny olon-kafa maniry ny hampiasa ny tany kosa dia tsy maintsy miditra anaty fikambanana aloha ary mandoa vola araka izay velarana amokarana.



Ny toeram-pamokaran'ny fikambanana tamin'ny may 2018 (ambony) sy aprily 2023 (ambany)

## TARATASIN'NY MPAMAKY

### Fahitàn'ny mpamaky ny FMT n° 57 et 58

« Nitarika ny fianakaviako hiompy tilapia hohanina ny fizarana torohevitra mikasika ny fanjarian-tsakafo tao amin'ny FMT n° 57. Misaotra nizara, tsy torohevitra ara-teknika ihany fa torohevitra mikasika ny sakafo ihany koa. » Rakotoarinoro Famatanatsoa antsoina hoe « Fama » (Firaisantsoa-lvony Miaramiasa, Amoron'i Mania)

« Hita aty aminay ny fihenany isan'ny olona afaka nanao fanatavizana trondro vokatry ny fihenany zana-trondro sy ny velaran-tany azo iompiana. » Randrianandrasana Jean Norbert (Ankositany Tanandava, Talata Ampano, Matsiatra Ambony)



Mpamaky ny gazety FMT ao amin'ny faritra Matsiatra Ambony

« Ritra tokoa ny loharano tao anatin'ny tanàna sy ny fokontany misy anay. Vahaolana noraisina ny fiaraha-miasa amin'ny Cœur de Forêt amin'ny alàlan'ny fambolena-kazo sy fiarovana ny tamboho. Maminavina ny hanamboatra helisin-drano miaraka amin'ny APDRA izahay hitarihana ny rano mankao an-tanimbary. » Razafindravao Amélie Marie Olga (Tatamenatra, Talata Ampano, Matsiatra Ambony)

« Mampihemotra ny fampiharana ny fiompiana trondro efa fanaonay ny fiovaovan'ny toetr'andro. Ilaina ny mitady toerana mahazo rano tsara hahazoana manohy ny fampiharana. » Randrianantenaina Jean Pierre (Tatadratsy, Andoharanomaitso, Matsiatra Ambony)

« Mitovy avokoa ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro ao anatin'ny Faritra rehetra eto Afovoan-tany fa tamin'ity taona ity mba betsaka ny rano ka antenaina ny hitomboan'ny isan'ny mpamokatra amin'ny taona miditra. » Tanjonina Jalia (Andranomanaboaka, Talata Ampano, Matsiatra Ambony)

« Hay ve ka manerana ny Faritra rehetra eto Madagasikara ny fiovaovan'ny toetr'andro ! Ny fanentanana hamboly hazo no sisa fanafodiny. Andao hoararaotina ny fiaraha-miasa amin'ny Cœur de Forêt izay manampy antsika amin'izao. » Razafimahafaly Angelo (Ambohiborona, Besoa Ambalavao, Matsiatra Ambony)

« Tsy miompy trondro aho fa miandraikitra ny fiantsenana rehefa avy miasa. Mihinana trondro matetika izahay fa rehefa namaky ny FMT

dia nahita fomba fahandro vaovao. Tena tian'ny fianakaviako izany, indrindra ny zafikeliko. » Ramarovahoaka Raymond (Mahazoarivo, Amoron'i Mania)

« Tsy mbola nahitana olana nateraky ny fiovaovan'ny toetr'andro ny toeram-pamokarako. Nanaitra ahy ny fanazavana tao amin'ny pejy faha-2 sy faha-3 sy ny fijoroana vavolombelona nataon'ny mpiompy trondro tao amin'ny pejy manaraka mikasika izany. Raisiko ho lesona lehibe izany. » Lemazava Dieu Donné (Betsizaraina, Mahanoro, Atsinanana)

« Maro ny olana ateraky ny fiovaovan'ny toetr'andro araka ny voalaza ao anatin'ity laharana ity (58). Mirongatra koa anefa ny halatra trondro mandritra ny vanim-potoanan'ny tsy fahampian-drano satria mora angalarana trondro ny dobo miharitra. » Zeze Gaston, (Ambodiharamy-Tsvangiana, Vatomandry, Atsinanana)

**Valin-tenin'ny APDRA :** namoaka laharana manokana mikasika ny halatra trondro ny APDRA : ny n° 46. Azonao atao ny mangataka izany amin'ny mpiompy trondro hafa na miresaka amin'ny mpanentana.

« Na dia atao akory ny fahandro trondro dia hafa ihany ny tilapia. Ny karpa natao ho famarotra mba hahazoana vola. » Darik Morya (Ambohiborona, Besoa Ambalavao, Matsiatra Ambony)

« Mahafinaritra ny fomba fahandro trondro miaraka amin'ny ovy tao amin'ny FMT n° 58 nivoaka farany teo. Fiakaran'ny trondro izao, nandramanay izany ary tena natsiro ! » Ramamisoa Jeannette antsoina hoe « Mamy » (Imito, Amoron'i Mania)



Vehivavy mpikambana ao amin'ny fikambanana Voahirana ao Ampanangananavoza, kaominina Imito, Ambositra, eo am-pamakiana ny FMT n° 54

« Azon'ny ekipan'ny FMT atao miloko ve ny sary ao amin'ny pejy anatin'ny, ny antitra toa anay mantsy tsy mahita tsara ka sarotra ny mahazo ny tiana hambara. » Rakotozafy Venance antsoina hoe « Ranasy » (Manarinony, Tsarasaotra, Amoron'i Mania)

**Valin-tenin'ny APDRA :** Raha atao miloko ny sary ao amin'ny pejy anatin'ny dia hiakatra ny sandan'ny fanontana ny gazety ary tsy afaka hanonta betsaka isika...

#### Fanamarihan'ny ekipan'ny fanoratana


Hita fa mahavoavaky tsara sy mankasitraka ary manandrana ny nahandro ianareo mpamaky ! Misaotra amin'ny tamberina omenareo. Fantatray fa misy mpamaky ihany koa any ivelan'ny faritra iasanay, misaotra amin'ny fanjohianareo. Azonareo atao hatrany ny maka ireo laharana ao amin'ny pejy aterineton'ny APDRA ([www.apdra.org](http://www.apdra.org)). Raisinay ato amin'ny APDRA foana ny taratasin'ny mpiompy trondro avy amin'ny faritra rehetra, aza misalalala àry mampita izany.



# SAMIHafa

## RARINTENY

Fenoy amin'ny alàlan'ny famaritana etsy ambany ny karakara. Hohitanareo ao anatin'ny laharana manaraka ny valin'ny lalao.



1. Fanamboarana atao amin'ny toerana iray
2. Anarana itambaran'ireo zavamaniry misy tahony vaventy sy mankadiry
3. Rano miboiboika avy ao anaty tany
4. Mamafy voa na manatsatoka taho mba haniry
5. Rano avy amin'ny ranon'orana mikoriana amin'ny tatatra
6. Tany voavoly somary lehibebe izay saika matetika voafaritra
7. Fikarakarana zavatra iray ho lavitry ny fahasimbana

Valin'ny rarinteny tao amin'ny n° 58

1. Haintany
2. Tondradrano
3. Miovaova
4. Entona
5. Toetr'andro
6. Mpitana
7. Hafanana

## Trondro amin'ny saonjo sy voanjo

Tafiditra ao amin'ny fampisehoana ara-nahandro « Kinahandro » fanaon'ny tetikasa SANUVA ity nahandro ity

**Fangaro :**

Saonjo 1 kg

Pirina lena na trondro hafa ½ kg

Voanjo voatoto 4 sotra fihinanana

Tongolo be 1

Voatabia 1

Menaka, rano




© SANUVA 2023

Sakafo be otrikaina ny trondro sy ny saonjo

### Fikarakarana

1. Karakaraina sy masahana amin'ny rano ny saonjo vao potsehina
2. Masahana mitokana ny trondro, esorina avy eo ny taolana, raha tsy hoe pirina no ampiasaina
3. Manao saosy amin'ny menaka, voanjo, tongolo be sy voatabia
4. Afangaro ny akora rehetra, asiana sira ary atao masakevoka anaty lovia lalina
5. Aroso mangatsiaka na ilaofana vary

Mazotoa homana ô !



CONSEILS PRATIQUES POUR UNE AGRICULTURE DURABLE

© GSDM 2017, Ny Fambolena maharitra ho an'ny taranaka mifandimby

APDRA  
Pisciculture Paysanne  
Antenne Madagascar  
La Résidence Sociale  
Antsirabe - MADAGASCAR  
Tél. (261) (20) 44 489 89  
www.apdra.org  
lvrp@apdra.org



Talen'ny Famoahana Barbara Bentz	Philippe Martel Edwige Raheliasoa
Tonian'ny Fanoratana Sidonie Rasoarimalala	Feno Zaka Rajaonarivelo Dieu Donné Rakotondravola
Mpanoratra Julie Mandresilahatra Clémentine Maureaud	Mariette Rasoanantenaina Vola Ratiarivelo Julien Sadousty Arnaud Samy